REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MIC

Ministere de l'Industrialisation,et du Commerce

Antso ho an'nytetikasa fitantanana ny milina fanodinana tantely, ho fanatanterahana ny fametrahana Indostria isaky ny distrika

«ONE DISTRICT ONE FACTORY »(ODOF)

DistrikaAntsalova Commune Rural Bekopaka-FaritraMelaky

AMIN° 001/24/MIC/SG/DRIC-MLK
Daty fiantsoana tetik'asa :

1-Raha nyetoMadagasikara no jerena ara-tarehimarika, dia ambany ny tahan'ny harinkarena faobe avy amin'ny indostria :15 % tamin'ny taona 2015. Niakatra kely ho 17 % izany tamin'ny taona 2020. Hiaraha-mahafantatra anefa fa tokony omena lanjany sehatry ny fanodinana ireo akora fototra eto amin'ny firenena satria ny vokatra voahodina avy amin'ny fambolena sy fiompiana dia be mpitady eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena .

2-Ho fanohanana ny fampiasam-bola amin'ny sehatry ny indostria, ny Ministeran'ny fampiroboroboana ny Indostria sy ny varotra(MIC) dia manana ny programan'asa «ONE DISTRICT ONE FACTORY »,izay tetik'asa fandraharana isa-tanàna hametrahana ozinina isaky ny distrika.Izany dia mifanandrify indrindra amin'ny fanatanterahana nyVeliranon'ny Filohan'ny Repoblika.

- Ny fampiroboroboana ny indostria eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fanohanana ny fandraharahana sy ny fampiasam-bola amin'ny sehatry ny indostria ary ny fampiroboroboana ny « vita Malagasy » (veliranofaha 7)
- Ny famoronana asa mendrika ho an'ny vondrom-piarahamonina eny ifotony amin'ny alalan'ny famoronana asa sy fiofanana ary fanatsarana ireo traikefa fototra (veliranofaha 6
- Ny fahavitan-tena ara-tsakafo amin'ny alalan'ny fampitomboana ny famokarana ireo akora fototra vokatry ny fambolena, ny jono, sy ny fiompiana, ny fanohanana ny tantsaha sy ny fanavaozana ary fampandrosoana ny teknolojia vaovao(velirano faha9

3-Ho santarina eto amin'ny Distrikan'Antsalova Commune Rural Bekopaka araka izany ny antso ho an'ny tetik'asa izay haparitaka, mba ahafahana mifantina ireo izay hitantana ny milina fanodinana tantely.

4-Ho fanomanana izany fiantsona tetik'asa santatra izany,ny ministeran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra dia manao izao antso avo izaoho an'ireo mpandraharaha madinika sy salantsasalany rehetra eo amin'ny sehatry ny tantely eto amin'ny faritraMelaky.

5-Ireo mpandraharaha liana amin'izany dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra manaraka ireto :miorina eto amin'ny faritra Melaky,misehatra eo amin'ny famokarana sy fanodinana tantelymijoro ara-dalana,tsy manana olana na fahat arahana amin'ny fanefana ireo adidy ara-tsosialy sy fandoavan-ketra(NIF,STAT,RCS) dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny modely

6-Ny fanehoana ny fahalianana dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny modely vorafitra mipaingotra amin'ity fiantsoana tetik'asa ity(jereo ny annexe 1).Ary izany dia alefa adiresy amin'ny adiresy mailaka be.christophe @yahoo.fr sy contact.odof2024@ gmail.com ary aterina an-tanana ao amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.

7-Ny fe-potoana fara-fanehoana ny fahalianana dia ny 27 JUIN 2024 amin'ny 5 ora hariva ary aterina amin'ny biraon'ny Fitaleavam-paritry ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra-Melaky, Tanambao Nord Maintirano, ampitan'ny KLM anilan'ny biraon'ny Miaramila 421 ho an'izay ato amin'ny district Maintirano, fa hoan'ny district hafa kosa dia ao amin'ny Biraon'ny District no anaterana azy amin'ny andro sy ny ora voatondro.

8-Raha mila fanazavana fanampiny dia afaka manantona ny Biraon'ny Fitaleavam-paritrin'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra-Melaky, Tanambao Nord Maintirano.

Maintirano faha 11 JUIN 2024

LE DIRECTEUR REGIONAL

BE Christophe
Commissaire du Commerce
et de la Concurrence

**ANNEXE 1 : Modely fanehoana ny fahalianana**

Anaran'ny orinasa :

NIF :

STAT :

RCS :

Adiresin'ny Mpandraharaha : ( Fokontany/Kaominina iasana)

Laharan'ny finday :

Adiresy mailaka :

Antony : Taratasy fanolorana ny fahalianana amin'ny fahazoana hitantana ny milina fanodinana Tantely ho fampiharana ny tetikasa « ONE DISTRICT ONE FACTORY » (ODOF)

Iangaviana mba hasongadina amin'ny andalana vitsivitsy ireto teboka manaraka ireto :

- Inona marina ny tena asa fandraharahana ataonao (fintina fohy mahakasika ny asa fandraharahana ataonao) ?
- Aiza avy ireo faritra voakasikin'ny fanatanterahana ny asa fandraharahana ataonao ? (fokontany ,kaominina)
- Azonao lazaina fohifohy ve ny mombamomba ireo olona hiara hiasa aminao mba hampandeha tsara ny fitantananao ity milina fanodinana tantely ity ?
- Nanomboka oviana ianao no nisehatra teo amin'ny fandraharahana ?
- Inona avy ny tombony sy voka-tsoa mety ho entin'ny fahazoana hitantana io milina fanodinana tantely io amin'ny seha-pihariana ?
- Efa manana fitaovana hitaterana ireo vokatra voahodina ve ianao sa mbola ?
- Raha ianao ohatra no tonga eo amin'ny fitantanana ity milina fanodinana tantely ity , dia mba efa misy lalambarotra ve sa mbola vao hitady raha hivarotra ny vokatra ianao ?

(Toerana,daty,sonia)

P .J :

-photocopie de CIF,STAT, RCS

-compte d'exploitation prévisionnelle trois ans

-photocopie ny taratasin'ny fitaovana fitaterana ny vokatra